n° 61

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara
Mivoaka isaky ny telo volana
Martsa 2024

# NY FIFAMENOAN'NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY EO AMIN'NY FIOMPIANA TRONDRO

**Vakinankaratra**

## Mampiasa « *horloge journalière* » hifanampian'ny fianakaviana bebe kokoa (P. 6)

**Atsinanana**

## Mizara andraikitra hahatsara ny fitantanana ny asa famokarana (P. 6)



**Matsiatra Ambony**

## Ahoana no itarihana ny lehilahy hiara-miompy trondro amin'ny vadiny ? (P. 4)

Région Nouvelle-Aquitaine
AFD
Financé par l'Union européenne
coopération allemande
giz
SANOI
Région Normandie

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Mahafaly anay ny manolotra anareo ity laharana vaovao'ny FMT ity izay iresahana ny fifamenoana rehetra mety misy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ao anatin'ny asa fiompiana trondro.

Saika ahitana fiaraha-miasan'ny vehivavy sy ny lehilahy ary fitsinjarana asa ny ankamaroan'ny toeram-pamokarana trondro. Ny lehilahy ohatra manajary ny tanimbary raha ny vadiny kosa no misahana ny famahanana trondro. Tsy tazana matetika nefa ny asa ataon'ny vehivavy kanefa tena mandray anjara feno amin'ny fahombiazan'ny asa fiompiana trondro izy ireo.

Izahay ato amin'ny APDRA dia mamporisika ny fiarahan'ny lehilahy sy ny vehivavy miasa ao anatin'ny fanohanana ataonay, hahafahan'izy ireo mifampiresaka sy mandinika miaraka ny fiompiana trondro ataon'izy ireo.

Rehefa ny hery fiasana roa ananan'ny mpivady no indray ahetsika dia mety ho voasaina tsara ny fanapahan-kevitra raisina ary hifanaraka kokoa amin'ny zava-misy iainan'ny fianakaviana. Ankoatra izay, raha tsy eo ny iray amin'izy ireo dia azo antoka ny fitohizan'ny asa fiompiana trondro eo anivon'ny tokantrano, sy ao anatin'ny vondron'ny mpamokatra ihany koa. Mampahomby kokoa ny asa fiompiana trondro izany fiaraha-misalahy izany.

Tsy mora ny fanarahana io fomba fiasa io kanefa maharesy lahatra ny vokatra ary mampiroborobo ny tetikasa fiompiana trondro tantanan'ny fianakaviana. Asehon'ity laharana ity ihany koa ny fomba entin'ny fifamenoana misy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy manatsara ny fivoaran'ny seha-piompiana trondro eto Madagasikara.

Mamakia finaritra !

**Ny ekipan'ny FMT**

# LOHAHEVITRA : Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro

## Inona no dikan'ny « fampidirana ny miralenta eo amin'ny fiompiana trondro » ?

*Jeannine Raoelimiadana Ramarokoto, mpahay toekarena, dia manam-pahaizana manokana mikasika ny miralenta ary nitarika asa momba izany ho an'ny APDRA tamin'ny 2019. Horesahiny ny atao hoe « miralenta » sy ny fampidirana izany ao amin'ny sehatry ny fiompiana trondro miainga amin'ny traikefa fanaovany fanadihadiana manome lanja ny miralenta na eo amin'ny fandaminana na eo amin'ny fanatanterahana ny asa tamin'ireo tetikasan'ny APDRA eto Madagasikara.*



Jeannine Raoelimiadana Ramarokoto, manam-pahaizana manokana mikasika ny miralenta

« Araka ny hevitro, tsy fihevitra eo anivon'ny fiaraha-monina fotsiny ny « miralenta » fa fomba enti-mampandroso ihany koa[1]. Ny tsy fitovian'ny fifampitondrana eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy no nipoirany. Ohatra, ny raim-pianakaviana matetika no manapa-kevitra amin'ny fampiasana ny vola azo amin'ny fivarotana ny vokatra, kanefa niara-nisalahy tamin'ny fanatanterahana ny asa daholo na ny vady, na ny vehivavy ary ny ankizy. Eo amin'ny fampandrosoana, ampiharina amin'ny alàlan'ny karazana fitaovam-pandalinana enti-mamaritra, mamakafaka, mandrefy sy manombana ny tsy fitoviana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ny « miralenta » mba hitondrana fanitsiana, raha ilaina, hisian'ny fivoarana voalanjalanja sy ara-drariny. Ny fandalinana ny miralenta ohatra dia mampibaribary ny IZA (lehilahy sa vehivavy) ? manao ASA INONA ? Ahafahana mamantatra ny ZAVATRA ILAINA (na fitaovana) entin'ny vehivavy sy ny lehilahy manatanteraka ny andraikiny avy ihany koa izany ; ahafahana mamaritra ny fifandraisaina mitovy/tsy mitovy eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy.

Mikasika ny fiompiana trondro, ny fanadihadiana momba ny miralenta natao tao Miarinarivo ohatra dia nahalalana fa nampikatso ny fivoaran'ny fiompiana trondro ny tsy fampidirana ny vehivavy ho isan'ny olona noentanina na nampiofanina. Ny vehivavy izay tsy mahalala ny teknikam-piompiana trondro sady tsy mahita izay tombony amin'ny fampiasana izany rahateo mantsy no manapa-kevitra amin'ny fanomezana ny tanimbary hoampiasaina amin'ny fiompiana trondro. Toy izao àry ny fehin'ny fandalinana nataon'ny APDRA : « Ny fampidirana ny miralenta dia ny fahafahan'ny lehilahy sy ny vehivavy miompy trondro amin'ny alàlan'ny fametrahana fepetra mampisy fifanakalozan-kevitra eo anivon'ny fianakaviana, mba ho ara-drariny ny fitsinjarana ireo andraikitra takian'ny fiompiana trondro. »




Jeannine Raoelimiadana Ramarokoto (miakanjo mena, eo ankavanana) nandritra ny fanadihadiana mikasika ny miralenta tao amin'ny faritra Amoron'i Mania

[1]Tokony hotandremana ihany ny fampiasana ny teny « miralenta » izay andikana ny « genre » amin'ny teny malagasy, satria tsy maneho tsara ireo fahasamihafan'ny fepetra sy toerana misy ny vehivavy mitaha amin'ny lehilahy eo anivon'ny fiaraha-monina.

## LOHAHEVITRA : Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro

# Ahoana no ampiharana ny miralenta eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro ?

*Rasoamananjara Hantanirina dia injeniera manam-pahaizana manokana amin'ny fampamokarana ny atirano sady Talen'ny Fampamokarana ny atirano eo anivon'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga (MPEB) hatramin'ny taona 2019. Zarainy amintsika ny fahitàny ny miralenta eo amin'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano.*

**FMT : Inona aminao no anjara toeran'ny miralenta eo anivon'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano ?**

**Rasoamananjara Hantanirina :** Tena ilaina ny mamaritra ireo singa tena mifandray amin'ny miralenta (ny tena fandraisan'anjaran'ny lehilahy sy ny vehivavy, asa sy andraikitra voazara, fijerena ireo filàna manokana) izay omen-danja eo anivon'ny sehatra. Tena ilaina ny fisian'ny olona mahafehy ny fomba fiasa mampihatra ny miralenta ao anatin'ny ekipa mpanangana sy mpanoratra ireo paikady politika. Raha tena mijery ny lafiny maha-olona ny paikady sy ny fomba fiasan'ny sampan-draharaha iray eo anivon'ny Ministera dia ilaina ny fametrahana politika mikajy ny miralenta ho an'ny sehatra iray. Ohatra, vehivavy ny 43,5 % ny mpiasa eo anivon'ny MPEB ary tafiakatra 70 % izany eo anivon'ny Fitaleavan'ny fampamokarana ny atirano. Amin'ireo olona nofanin'ny MPEB dia manodidina ny 25 % ny vehivavy. Manome lanja ny miralenta ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga ao anatin'ny dingana fanadihadiana rehefa miasa eny ifotony. Manome antoka ny fitovian'ny fisitrahana fitaovana sy fahalalana izany na ho an'ny vehivavy na ho an'ny lehilahy.




*Rasoamananjara Hantanirina, Talen'ny Fampamokarana ny atirano eo anivon'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga*

**FMT : Inona no asa natao taorian'ny fampiharana io fomba fiasa io ?**

**Rasoamananjara Hantanirina :** Ny zava-dehibe dia ny fanomezana fahafahana ny tsirairay hivoatra, hanome lanja ny fahalalana azony sy handray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny sehatra.

Tanjon'ny Ministera ny hampiakatra ho 4,26 kg/olona/taona hatramin'ny 7 kg/olona/taona ny fanjifan'ny malagasy trondro, amin'ny alàlan'ny famoronan'asa sy ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo - indrindra eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Amporisihina noho izany ny fandraisan'anjaran'ny lehilahy sy ny vehivavy hahatrarana ireo tanjona ireo. Ohatra maro no maneho izany :

- Eo amin'ny fampiofanana ara-teknika sy ny karazana fanamafisana fahaiza-manao : mamporisika ny fampiharana izay ataon'ny vehivavy sy ataon'ny lehilahy ihany koa ;
- Eo amin'ny fandrafetana ny lalàna/paikadim-pirenena (*Plan de Développement de l'Aquaculture Continentale à Madagascar et Stratégie Nationale pour le Développement de l'Aquaculture à Madagascar*) : mamporisika ny atrikasa andraisan'ny rehetra anjara hahazoana ny hevitry ny lehilahy/vehivavy samy hafa fiaviana sy asa atao ;
- Eo amin'ny fandraisana mpiasa hisahana andraikitra ambony : mampifandanja ny fandraisana fanapahan-kevitra eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy.

**FMT : Inona no hafatra tianao hoampitaina amin'ny vehivavy sy lehilahy mpamaky ?**

**Rasoamananjara Hantanirina :** Zava-dehibe ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy miompy trondro hoenti-mampandroso an'i Madagasikara. Ny fanomezan-danja ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy hampivoarana ny lalam-pihariana trondro no anatanterahana izany. Ary farany, itodihako manokana ny vehivavy : sahia manao dingana satria *« tsy voafetra ny zavatra mety ho vita amin'ny maha-vehivavy »* hoy i Michèle Obama.

## LOHAHEVITRA : Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro

### Vakinankaratra

## Mampiofana vehivavy amin'ny fiompiana trondro, inona no fanamby amin'ny fampiharana ?

*Manohana tokantrano tantsaha amin'ny ady atao amin'ny tsy fanjarian-tsakafon'ny zaza ny tetikasa SANUVA. Ny vehivavy no mpisitraka fototra ny fiofanana hahazoana mampifameno tsara ny fomba famokarana sy ny fomba fisakafoanana.*

Tsy ampy iveloman'ireo tokantrano marefo tohanan'ny SANUVA ny vola azony amin'ny famokarana. Miasa any an-tanàn-dehibe izay lavitry ny toeram-ponenana matetika ny raim-pianakaviana (taotrano, orinasa…) mba hahatomombana ny filàn'ny tokantrano. Mijanona eny ambanivohitra ny reny ary miezaka manatrika fiofanana. Ny firesahana amin'ny vehivavy araka izany no fomba entin'ny tetikasa manohana ny fianakaviana izay mety tsy hahazo fiofanana nohon'ny fahabangan'ny ray.



Sandrine Raivomanana eo am-pamafazana zezika ny tanimbariny

Fiofanana mikasika ny fomba famokarana manaja ny tontolo iainana (fambolena sy fiompiana) no raisin'izy ireo mba hampitomboana sy hanamaroana karazana ny vokatra. Tafiditra ao anatin'izany ny teknika fiompiana trondro an-tanimbary nohatsaraina. Ankoatra ny fiofanana ara-pamokarana dia manentana ireo renim-pianakaviana hahatsara ny fomba fikarakarana sakafo ihany koa ny tetikasa SANUVA amin'ny alàlan'ny fampisehoana fomba fahandro sy ny fanabeazana momba ny sakafo ara-pahasalamana. Mifanaraka amin'ny fotoana ananan'ireo reny ireo ny vontoatin'ny fiofanana sy ny faharetany. Mazàna mantsy izy ireo mitondra zaza madinika rehefa miatrika fiofanana, hany ka manelingelina ny fifantohany. Ankoatra izay, tsy manampotoana ijanonana ela ireo vehivavy ireo satria tsy maintsy mamonjy ny fikarakarana ny sakafon'ny mpianatra.

Mitarika mankany amin'ny fiampitan'ny fahaiza-manao eo anivon'ny tokantrano ny fampiofanana ny vehivavy (fanazavana ny vontoatiny amin'ny vady) ary mahatonga ny mpivady ho resy lahatra amin'ny tombontsoan'ny fampiharana izany. Ahitana fomba hafa anomezan-danja ny vokatra azo avy amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary ihany koa ny fiofanana. Matetika atao sakafo ny trondro fa tsy amidy ary ny vola azo avy amin'ny famarotana no ividianana ny kojakoja ilain'ny tokantrano amin'ny andavanandro. Hoy i Sandrine Raivomanana, miompy trondro ao Mananetivohitra (kaominina Soamanandrariny, distrikan'Antanifotsy) : *« Afaka manome sakafo avy hatrany ny fianakaviako aho vokatry ny fiompiana trondro. Tena hitako fa voatery mividy trondro ireo tokantrano sasany tsy manao fiompiana trondro, fandaniana efa nialàko. »*

### Matsiatra Ambony

## Ahoana no itarihana ny lehilahy hiara-miompy trondro amin'ny vadiny ?

*Hoby Wilma, atao hoe « Rahoby », ao Ambaiboho Iharanany Andrefana, kaominina Soaindrana, distrikan'i Vohibato, dia mpikambana ao amin'ny vondron'ny mpiompy trondro Landisoa sady mpanentana ao amin'ny Ofisim-paritry ny Fanjarian-tsakafo (ORN). Tarihiny hiompy trondro miaraka amin'ny vadiny ny vehivavy.*

« Etsy andaniny, tsy nandray anjara tamin'ny asa fiompiana trondro ny vehivavy taty taloha. Ny lehilahy no manatrika fiofanana fa ny vehivavy kosa mikarakara ny tokantrano sy ny ankizy. Tsy mampita ny fahalalana azony, na ny fahaiza-manaony ny lehilahy hany ka tsy misy fantatr'ireo vehivavy ireo ny teknikam-piompiana trondro nohatsaraina. Ankilan'izay, na teo aza ny fananganana ny Voamami (fanangonam-bola iraisana sy fifampindramana raha ilaina) sy ny firoboroboan'ny voly anana dia mbola sahirana ara-bola ny fianakaviana. Nentaniko araka izany ny vehivavy mpikambana ao amin'ny Voamami hiara-hiompy trondro amin'ny vadiny. Noresahiko tamin'izy ireo ny tombontsoan'io asa io amin'ny fampitomboana ny fidiram-bolan'ny fianakaviana ka ny sasany tamin'izy ireo dia nahavita nandresy lahatra ny vadiny, izay nihevitra hatramin'izay fa ny raharaha an-tokantrano sy ny voly anana ihany no tokony hosahanin'ny vehivavy.

Nangataka fanohanana tamin'ny mpanentan'ny APDRA aho ary nahavitanay tetiandro famatsiam-bola mahaleotena ny asa fiompiana trondro ataon'ny tokantrano tsirairay voakasika. Tamin'ireo vehivavy 8 nofanina mikasika ny teknikam-pamokarana nohatsaraina, 6 no niroso tamin'ny fiompiana karpa niaraka tamin'ny vadiny - izay efa mpiompy trondro ny roa saingy tsy nampandray anjara ny vadiny tany aloha - ary ny 2 hafa niompy tilapia (nohon'ny tsy fisian'ny zana-karpa)

Hotohizako ny fanentanana ireo vehivavy izay tsy mbola nanapa-kevitra. Hamporisihiko ihany koa ireo vehivavy mpiompy mba hifanaraka amin'ny mpamokatra zana-karpa roa eto an-toerana hahazoany izay zana-trondro ilaina, na hotolorako fiofanana mikasika ny teknikam-pamokarana zana-trondro. »



Rahoby (eo ankavia) dia mpanentana eo anivon'ny Ofisim-paritry ny Fanjarian-tsakafo

## LOHAHEVITRA : Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro

Itasy

# Mampivoatra kokoa ny fiompiana trondro ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy

*Araka ny fanadihadiana nataon'ny tetikasa AMPIANA tamin'ny volana jona 2021, ny tsy fampahafantarana ny vehivavy ny fomba fiompiana trondro matetika no mampikatso ny fivoaran'io asa io. Toy ny hita tao amin'ny tantsaha mpivady iray tao Sambaikoarivo, kaominina Arivonimamo II.*

*« Tsy naharesy lahatra ny vady aman-janako handray anjara tamin'ny fiompiana trondro ataoko aho ka tsy afaka nampihatra ireo teknika nohatsaraina izay mitaky fanajariana tanimbary. Efa hatramin'ny 1997 anefa no niompiako trondro ! »* hoy Rakotojaona Roger. Tamin'ny 2021, niova hevitra Raharivololombahoaka Sabine vadiny taorian'ny fanentanana nataon'ny tetikasa AMPIANA tao an-toerana : *« Nahaliana ahy ny fanentanana ary tapa-kevitra hamonjy fiofanana mikasika ny famokarana zana-trondro aho. »*. Taorian'izay no nandraisan'i Sabine sy ny zanany vavy, Vetso, anjara tamin'ny famokaran'ny fianakaviana zana-trondro. Tamin'ny jolay 2022, voafidy hanao fitsidihana fifanakalozana mikasika ny famokarana zana-trondro tany Ankazobe i Vetso nohon'ny fahavitrihany, ary raha vao tafaverina izy dia nohatsarain'ny fianakaviana avy hatrany ny fanajariana sy ny teknikam-pamokarany. Tamin'ny 2023, i Sabine indray no nisitraka fitsidihana fifanakalozana tany amin'ny distrikan'Arivonimamo : *« Naharesy lahatra ahy ny zavatra hitako tany ka nohajariako avy hatrany ny tanimbarinay rehetra hanaovana fanatavizana tsy ara-potoana. »* hoy izy.
Tamin'ity taona ity, trondro vaventy 150 kg (30 kg teo aloha) no azon'ny fianakaviana tamin'ny velarana mirefy 33 ara. Nahaliana ny mpiara-monina izany ka nahatonga ny iray lohasaha hiompy trondro sy hanajary ny tanimbariny. Hoy i Sabine : *« Entaniko ny manodidina hiompy trondro hialàna amin'ny halatra. »* ary Roger nanampy : *« Mandray anjara tanteraka ankehitriny ny vady aman-janako ary iarahanay manao ny asa rehetra. »*




*Roger sy Sabine manara-maso ny fahamatoran'ny raiaman-drenintrondrony*

Itasy

# Ny fiantraikan'ny fampiharana maharitra ny miralenta hampivoarana ny fiompiana trondro an-tanimbary

*Ao Tsaramiakatra-Mangarano, kaominina Arivonimamo II, no monina Rasoamampionina Ravaoharinoro Clarisse, atao hoe « Nirina ». Nisitraka tetikasa fampandrosoana ny fiompiana trondro an-tanimbary maro izay manome lanja ny miralenta izy ary miresaka ny vokatra.*

« Tamin'ny taona 2020, latsaky ny 2 taona ny zanako lahy ary mahazatra ahy ny mitondra azy any amin'ny toby fandanjana. Tao no nahatonga ahy hisitraka ny tetikasa ARENA izay mikendry indrindra ny renim-pianakaviana toa ahy. Nomena masomboly legioma sy fitaovam-pamokarana izahay mba hahazoana mamokatra sakafo maro karazana. Nisy fiofanana mikasika ny fiompiana trondro an-tanimbary ihany koa mba hahazoana proteina. Taorian'izay, nanao fanatavizana tilapia izaho sy ny vadiko, satria efa nisy zana-trondro tato aminay ka tsy voatery nividy.

Tamin'ny taona 2021, notohizan'ny ekipan'ny tetikasa AMPIANA ny asa izay nikarakarany fiofanana ho an'ny mponina rehetra teto an-toerana fa tsy ny reny marefo fotsiny. Nandray anjara tamin'ny fiofanana izahay mivady ka nitombo ny fandraisan'anjaran'ny vadiko tamin'ny fiompiana trondro. Ny fiofanana mikasika ny fanatavizana karpa tsy amin'ny fotoam-pamokarana mahazatra no tena nahaliana anay. Nanomboka ny fampiharana izahay tamin'ny volana jolay 2022, raha vao nanam-bola hividianana zana-karpa sy hanaovana fanajariana. Herintaona taorian'izay, lasa mpamatsy raiaman-drenintrondro karpa ny mpiompy trondro eto amin'ny fokontany manodidina izahay.

Te hamokatra zana-trondro karpa izahay saingy mbola tsy mahazo rano ny tanimbarinay. Eo ampitadiavana vahaolana miaraka amin'ny fikambanan'ny mpampiasa rano ao Mangarano izahay amin'izao. Rehefa mahazo rano tsara izahay dia hamokatra zana-trondro. »




*Nirina sy ny vady aman-janany*

## LOHAHEVITRA : Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro

### Vakinankaratra

# Mampiasa « *horloge journalière* » hifanampian'ny fianakaviana bebe kokoa

*Andrianarisoa Vololoarimamy, atao hoe « Hary », mpanentana ara-pahasalamana (ACN) ao amin'ny ORN Vakinankaratra sady mpikambana ao amin'ny Miavo ao Marerano Ambohitsara, kaominina Soavina, distrikan'i Betafo, no hampahafantatra fitaovana iray izay nanova ny fifandraisan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina.*

« Tamin'ny taona 2012 no nampiasa vola tamin'ny fiompiana trondro ny vadiko fa tsy tena naharesy lahatra ahy, narahiko fotsiny ny toroheviny. Tsapako ny tombontsoan'ny fiompiana trondro tamin'ny 2015 rehefa hitako fa naleon'ny mpiasa mandray trondro toy izay vola amin'ny fotoana fiakaran'ny vary. Ny fitsinjarana asa teo anivon'ny tokantranonay anefa nanery ahy handany fotoana betsaka amin'ny raharaha an-tokantrano raha fotoana kely no natokana ho an'ny fiompiana trondro.

Ny fiofanana mikasika ny miralenta sy ny hay tarika tany Fianarantsoa tamin'ny volana jolay 2023 no nahalalako ny « *horloge journalière* ». Miompana amin'ny fanaovana fandaharam-potoana isan'andro izay ampahafantarina ny mpiray trano io fitaovana io. Nahafantaran'ny tsirairay tsara ny andraikitry ny hafa sy ireo tsy fifandanjana misy izany. Nanapa-kevitra hamerina ny fandaminana àry izahay mba hahafahana mifanampy amin'ny fanatontosana ireo asa, na momba ny fiompiana trondro, na ny fambolena na ny raharaha an-tokantrano. Ny vadiko foana ohatra no nanome sakafo ny trondro fa ankehitriny izahay mifandimby mamahana.
Nozaraiko tamin'ny vehivavy hafa, izay nizara izany tamin'ny vadiny avy eo, izany traikefa izany. Ankehitriny, tokantrano iraika ambinifolo no mampiasa ny *horloge journalière*. Tena nampisy fifanampiana tao anatin'ny fianakaviana sy fiovana marina tao amin'ny fikambananay izany. Rehefa naverina nalamina ohatra ny asa dia afaka nisolo tena ny vehivavy izay tsy afaka tany amin'ny fivorian'ny fikambanana ny lehilahy. »



*Fivorian'ny fikambanana miaraka amin'ny reny sy ny raim-pianakaviana*

### Atsinanana

# Mizara andraikitra hahatsara ny fitantanana ny asa famokarana

*Mipetraka ao Lavakorana, kaominina Amboditavolo, distrikan'i Vatomandry, Razakaharivelo Norbert. Nifampizarany tamin'ny vadiny, Voahanginjanahary Suzèlle, ny andraikitra ka nahafahan'izy ireo nanatsara ny fidiram-bolany.*

« Tamin'ny taona 2016 izahay no nisantatra ny famokarana, tamin'ny alàlan'ny fambolena mananasy sy garana. Tsy nahomby izany nohon'ny olana ara-pamarotana sy fitantanana teo aminay. Izaho irery no tompon'andraikitry ny fanapahan-kevitra ara-tekinika, izay tsy nampidirako ny vadiko.



*Norbert sy Suzèlle eo afovoan'ny tanimbarin'izy ireo*

Tamin'ny taona 2019, namporisika ny handraisanay roa tonta anjara amin'ny fitantanana ny asa fiompiana trondro ny ekipan'ny APDRA ary indrindra amin'ny fiarahamitantana ny asa rehetra. Nanomboka teo no nizaranay ny andraikitra ary nanombohanay nanatsara sy nanitatra ny famokarana. Izaho no misahana ny fambolen-kazo sy ny fiompiana kisoa raha ny vadiko no mitantana ny voly fihinana. Iarahanay mitantana ny fiompiana trondro sy ny fitsinjarana zezika satria mila rano avy amin'ny dobo sy fanamasahana ny asanay tsirairay avy. Isaky ny mampiakabokatra izahay no manao jery todika ary mifanakalo hevitra amin'izay fanatsarana azo atao, ny fomba fiasa tokony hotohizana, ny vola miditra sy ny fandaniana. Iarahanay manapaka ny asa atao manaraka.

Tsapanay fa ahazoana tombony ny fizarana andraikitra eo amin'ny lafiny fandraisana fanapahan-kevitra sy ny fitantanana ny asa eo anivon'ny tokantrano. Niteraka fifaninanana madio mikasika ny vola ampidirin'ny tsirairay aminay izany. Tsapanay ihany koa ny fifamenoan'ny traikefa ananan'ny tsirairay avy. »

## LOHAHEVITRA : Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro

### Amoron'i Mania

# Ny fifamenoan'ny lehilahy sy vehivavy hiatrehana ny krizy

*Rasoanandrasana Maminiaina, atao hoe « Mamy », mpiompy trondro ao Antsahamananora Manatsara, kaominina Imito, distrikan'i Fandriana, mitantara ny niarahany nanapa-kevitra tamin'ny vadiny Ramboanilaimampianina Olivier Gaston René, atao hoe « Ragasy », amin'ny fanitarana ny fiompiany trondro hampitombo ny fidiram-bolany.*

« Anisan'ny fototry ny fidiram-bolanay ny fiompiana trondro an-tanimbary. Hatramin'ny taona 2009, Ragasy no nanao ny asa rehetra, ny asa fanajariana hatramin'ny fivarotana zana-trondro sy trondro, fa tsy misy nidirako. Tamin'ny taona 2020, nanoro hevitra anay ny ekipan'ny APDRA mba hiara-miasa hanatsarana ny famokarana. Naharesy lahatra anay izany ka nozarainay ny andraikitra :




*Manohy ny asa fanajariana ny tanimbarin'izy ireo i Mamy (miakanjo mena, eo ankavanana) rehefa tsy eo ny vadiny*

Ragasy niantoka ny famokarana zana-trondro, izaho kosa nisahana ny fanatavizana.

Nisy fiantraikany be tamin'ny famokarana zana-trondro nataonay sy ny fidiram-bolanay tamin'ny taom-pamokarana 2020-2021 anefa ny tsy fahampian-drano. Zana-trondro 6 700 fotsiny no azonay tamin'ny velarana mirefy 50 ara raha 37 750 teo aloha. Tsy maintsy nitady fomba hahazoana vola izahay. Samy nahafehy tsara ny teknikam-piompiana trondro moa izahay ka tapa-kevitra hitady toerana azo iompiana an-tanimbary sy hizara ny asa, na dia hisara-toerana aza. Tamin'ny taona 2022, nipetraka tany amin'ny faritra Bongolava Ragasy fa izaho kosa nijanona nikarakara ny asa fiompianay trondro sy ny fambolenay teto. Tamin'ny volana novambra, zana-trondro 15 800 no azoko izay namidiko 200 hatramin'ny 600 Ariary ny iray.

Ny fandraisako andraikitra, miampy ny famporisihina sy ny fanohanan-dRagasy sy ny mpiompy trondro manodidina, no nahafahanay niatrika ny krizy. Entaniko ny vehivavy hiara-hiasa amin'ny vadiny mba hahafahany mampandeha ny fiompiana trondro na dia misy aza fahabangan'ny iray. Finiavana ihany no ilaina ary vitantsika io rehefa miaraka ! »

## TARATASIN'NY MPAMAKY

### Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 59 sy 60

*« Resy lahatra amin'ny fanajariana ny tanety manodidina ny dobo aho hiarovana azy amin'ny rano riaka sy ny tondra-drano »* Fenomamy Basil (Amboditavolo, Atsinanana)

*« Lafo ny fanaovana fanajariana manaraka tsipi-mira saingy tena ilaina hialàna amin'ny olana mety hahazo ny dobo eny ambany. Entaniko ny mpiompy trondro hanao izany. »* Felana (Ambohimiadana, Tsarasambo, Atsinanana)

*« Misaotra amin'ny fizarana ! Izany no nahatsapanay fa efa tena nivoatra ny mpamokatra zana-trondro ao Afovoan-tany amin'ny famarotana zana-trondro mitaha amin'ny zava-misy aty amin'ny distrika misy anay. »* Ranaivoson Rakotohasimbola (Tandroho, Mahanoro, Atsinanana)

*« Maniry ny hivarotra ny zana-trondroko any ivelany ihany koa aho saingy tsy manana fitaovana mifanaraka amin'izany, toy ny* aérateur. *Manahirana ahy ny hiandry mpividy aty satria miovaova be ny haavon'ny rano. »* Randriamihaja Jean Claude (Ambalatenina, Talata Ampano, Matsiatra Ambony)

*« Mahafinaritra ahy ny fiaraha-miasan'ny vehivavy mpisitraka ny tetikasa SANUVA amin'ny fiompiana trondro. »* Rasoamalala Alberthine (Ambalatenina, Talata Ampano, Matsiatra Ambony)

*« Antenainay fa hanatsara ny fivarotana trondro vaventy ny lahatahirin'ny mpivarotra trondro eto Matsiatra Ambony. »* Rakatiana Honoré Fidèle (Soavelo, Alakamisy Ambohimaha, Matsiatra Ambony)

*« Tena nilaina ny adihevitra mikasika ny famarotana natao teto Ambalavao, indrindra ny mikasika ny fampiasana mizana voamarina hialàna amin'ny fanambakana. »* Randrianambinina Jozefa (Malazarivo, Ankaramena, Matsiatra Ambony)

*« Manantena hahita fifanarahana (vidiny, fomba fandoavam-bola) amin'ny mpamokatra izahay mba hahamora ny fahazoanay zana-trondro, tahaka ireo vehivavy tao Betafo. »* Rasoamampiadana Marie (Malazarivo Ankaramena, Matsiatra Ambony)

*« Efa tena mivoatra ny mpivarotra zana-trondro ! Efa mivarotra amin'ny alàlan'ny Facebook sahady. »* Razafindrakoto Emilson (Iarintsena, Ambalavao, Matsiatra Ambony)

*« Ahafantaran'ny mpanentana ara-pahasalamana fomba fahandro vaovao ny nahandro hita ao amin'ny FMT : karazana fomba fahandro ampiasana ireo akora maro hita eto an-toerana sy trondro isan-karazany. »* Razanabao Emilienne (Antsoso, Betafo, Vakinankaratra)

*« Izaho no mandray ny FMT ato amin'ny fokontany misy anay ary izaho no miantoka ny fitahirizana ireo gazety (n°57, 58, 59). Mifandimby izahay amin'ny famakiana izany ary miady hevitra mikasika ny vontoatiny rehefa mandalo ny mpanentan'ny APDRA. »* Miarisoa Nathalie (Mamoeramanjaka, Morafeno, Itasy)

# SAMIHAFA

## TENY MIFAMPIDITRA

Tsipiho ny teny ao amin'ny lisitra eo ambany (azo vakiana mitsangana, mitsivalana, mivadika). Atambaro avy eo ireo litera sisa tavela hahazoana ny lohatenin'ity gazety n° 61 ity.

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| L | F | I | O | F | A | N | A | N | A | F |
| F | E | M | A | N | A | P | A | K | A | I |
| A | M | H | L | T | R | O | N | D | R | O |
| D | N | M | I | Z | A | R | A | F | H | M |
| I | O | J | A | L | H | V | R | A | E | P |
| F | E | B | A | S | A | A | E | N | V | I |
| A | N | N | O | R | Y | H | S | A | I | A |
| V | E | H | I | V | A | V | Y | M | T | N |
| O | O | A | M | I | A | S | A | B | R | A |
| L | A | M | A | N | D | R | A | Y | A | V |
| A | M | I | R | A | L | E | N | T | A | Y |

ANJARA
ASA
DOBO
FANAMBY
FIOFANANA
FIOMPIANA
HEVITRA
LEHILAHY
MANAPAKA
MANDRAY
MIASA
MIRALENTA
MIZARA
RESY
TRONDRO
VEHIVAVY
VOLA

*Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 60*

*1. Lahatahiry*
*2. Fanondranana*
*3. Tinady*
*4. Tolotra*
*5. Marketplace*
*6. Tsena*
*7. Vidy*




## Trondro masak'evoka sy mangahazo

**Fangaro :**

*Trondro salantsalany 3*
*Mangahazo 1 kg (araka ny isan'ny olona)*
*Voatabia 1*
*Tongolobe 1*
*Tongolo maitso*
*Rano, sira, menaka*

**Fikarakarana**

1. Voasana ary tetehina vaventy ny mangahazo (batabata)
2. Karakaraina sy sasana ny trondro fa tsy tapahina (na ny nofony fotsiny no ampiasaina)
3. Manao saosy miaraka amin'ny menaka, tongolobe, voatabia sy tongolo maitso
4. Atao any amin'ny farany ambany amin'ny vilany iray miaraka amin'ny rano kely ny mangahazo vao apetraka eo amboniny ny trondro ho masak'evoka
5. Ampiana rano araka ny fahamasahany
6. Arotsaka ny saosy sy ny sira rehefa akaiky ho masaka ny trondro sy ny mangahazo
7. Avela hidongy amin'ny afo malefaka mandritra ny 15 min ary aroso mafana

Mazotoa homana ô !







*Sakafo ara-pahasalamana ny mangahazo sy ny trondro*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*
Barbara Bentz
*Tonian'ny Fanoratana*
Sidonie Rasoarimalala
*Mpanoratra*
Mathilde Crou
Elinah Herizohanitriniala
Edwige Raheliarisoa
Dieu Donné Ralaiarimalala
Tsirihasina Randriampeno
Mariette Rasoanantenaina
Adrien Ratrimo
Faly Razanajatovo
Arnaud Samy
Ratsimbazafy Sendrahasina